

Fehezo ny fitadidiana amin'ny PACES : ny fomba fianatra mamerimberina -mielanelana : le spaced-learning

« Repetitio est mater studiorum » –Ny famerimberenana no renin'ny fianarana.

Efa nanao fanandramana ianareo tany amin'ny fampianarana ambaratonga faharoa, nianatra voambolana miisa 30 amin'ny fiteny anglisy na famaritana miisa 20 amin'ny filôzofia, ho amin'ny ampitson'iny.

2-3 andro taorian'ny nianarana ireo teny ireo, mbola afaka nitanisa azy ianao, saingy efa hadino tanteraka izy ireny afaka herinandro na iray volana.

Toy izany ny fiasan'ny fitadidiana. Rehefa mianatra voambolana amin'ny teny anglisy ianao, misosa manaraka ny fotoana koa ny mety ho fanadinoanao ireny teny ireny.

Mitovy tanteraka amin'ny fianarana ao amin'ny PACES izany.

Manadino manodidina ny 50%ny zavatra nianarana ianao ao anatin'ny dimy andro. Izay no antsoina hoe : fitadidiana ao anatin'ny **fotoana fohy**.

Ny tanjona anefa dia ny hamoha ny fitadidiana **maharitra** mba hahafahana manomana tsara ny famerenan-desona.

Efa voamarikao fa isaky ny miverina mahita teny iray ianao, ny vinavina hahatsiarovanao azy dia miakatra hatrany amin'ny 100% **mba hampihenana tsikelikely, Tsy haingana loatra ny fanadinoana!**

Arakaraka ny hamerimberenanao azy no hahavoatahiry azy ao anatin'ny fitadidiana maharitra.

Kely dia kely amin'izay ny tombana mety hanadinoanao ilay teny.


Miorina amin'ny famerimberenana ny fitadidiana tena mahomby.

Miankina amin'io foto-kevitra io ny fomba fianatra mamerimberina-mielanelana. Miompana amin'ny fijerena ny lesona amin'ny andro voafaritana mazava tsara izy io:

3 andro, 10 andro, 30 sy 60 andro aorian'ny nianarana voalohany ilay lesona.

Nahoana no io elanelana eo amin'ny famerenan-desona io fa tsy hafa no ampiharina?

Araka ny fandalinana momba ny fahalalana amam-pahaizana, ireo elanelam-pamerenan-desona ireo, no mampitombo indrindra ny fitadidiana maharitra. Ny fampitomboana na ny fampihenana io famerenan-desona io dia fandanium-potoana fotsiny ihany.



Tena mora ampiharina io fomba fiasa io. Tsy mila afa-tsy ny diarinao sy pensilihazo-ranomainty miisa efatra ianao.

Manokana dimy minitra, isaky ny hariva, ary mariho ao anatin'ny diarinao ny famerenana ny lesona voaray androany ny : **3/10/30/60** andro.

Ohatra : eo amin'ny 18 febroary isika izao ary nianatra takila miisa 10 amin'ny tahirin-kevitra tahadika-na "*hystologie*" momba ny "*tissu osseux*" ianao androany.

Soraty amin'ny pensilihazo-ranomainty miloko mena ao anatin'ny diarinao ny datin'ny **21 febroary (+3)**

«Famerenan-desona +3 : HISTO : Mianatra ireo takila 10 voalohany momba ny TISSU OSSEUX »

Manaova toy izany koa ny 28 febroary (+10) ataovy amin'ny pensilihazo-ranomainty miloko maitso, ny 18 martsa (+30) ary amin'ny pensilihazo-ranomainty miloko mavokely ary farany ny 18 aprily (+60) amin'ny vonimboasary.